



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana



ANTENIMIERAMPIRENENA

**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA
FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2021**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-164

FAMPAHAFANTARANA NY FIVOARAN'NY ASAN'NY VAOMIERA MPANAO FANADIHADIANA NATAON'NY FILOHA NA NY MPAMPAKATENIN'IRETO VAOMIERA MANARAKA IRETO:

- COMMISSION D'ENQUETE PARLEMENTAIRE SUR LES ACTIVITES DES OPERATEURS EN TELECOMMUNICATION,
- COMMISSION D'ENQUETE PARLEMENTAIRE SUR LE CONTRAT DE CONCESSION ETABLI ENTRE L'ETAT MALAGASY ET LA SOCIETE RAVINALA AIRPORTS,
- COMMISSION D'ENQUETE PARLEMENTAIRE SUR LES PROBLEMES FONCIERS RECURRENTS A MADAGASCAR,
- ETAT DES TRAVAUX DE LA COMMISSION SPECIALE DE MISE EN ACCUSATION DEVANT LA HCJ,
- MISSION D'INFORMATION COMMUNE VISANT LA SOCIETE SIRAMA

Fivoriana faha-6
Natao ny
Alarobia 3 Novambra 2021
- Atoandro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré

MPITANTSORATRA: -Ramatoa NAHARIMAMY Irmah Lucien
-Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle

FOTOANA: Alarobia 3 Novambra 2021 tamin'ny 11 ora, atoandro.

FANDAHARAM-POTOANA: Fampahafantarana ny fivoaran'ny asan'ny Vaomiera mpanao fanadihadiana nataon'ny Filoha na ny Mpampakatenin'ireto Vaomiera manaraka ireto:
-«Commission d'Enquête Parlementaire sur les activités des opérateurs en Télécommunication,
-Commission d'Enquête Parlementaire sur le contrat de concession établi entre l'Etat Malagasy et la Société Ravinala Airports,
-Commission d'Enquête Parlementaire sur les problèmes fonciers récurrents à Madagascar,
-Etat des travaux de la Commission Spéciale de mise en accusation devant la Haute Cour de Justice (HCJ),
-Mission d'Information commune visant la Société SIRAMA».

Nitohy ny Alarobia faha 3 Novambra 2021 tamin'ny 11 ora, atoandro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré, Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena avy amin'ny Faritany Antananarivo no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Filoha dia niangavy an-dRamatoa Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana Nanatontosa izany, Ramatoa NAHARIMAMY Irmah Lucien.

Rehefa izany, nampahatsiahivan'Andriamatoa Filoha ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony.

Taorian'izay, nanao satroka Andriamatoa REMI dit DJAO Jean ka nangataka ny tokony hanaovana dinika mikaton-trano na «huis clos» noho ny fisian'ny olana maro mianjady amin'ny Solombavambahoaka tato ho ato.

Nanamafy izany koa Andriamatoa RANDRIANASOLO Augustin, raha nomena fitenenana. Nambarany koa fa tokony hahemotra ny fivoriana noho ny tsy fahatratrarana ny fetr'isa ahafahana manao ny tatitra eto anoloan'ny Solombavambahoaka.

Raha nomena fitenenana, Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène, nambarany fa tokony hanao dinika mikaton-trano tokoa ny Solombavambahoaka kanefa tsy misakana ny tatitra hataon'ny Vaomiera mpanao fanadihadiana izany araka ny fandaharam-potoana efa voalaza. Nangatahany koa ny hamindrana amin'ny fotoana hafa momba ny hanaovana fivoriana mikaton-trano amin'izay mba tsy ho very fotoana ny Vaomiera mpanao fanadihadiana.

Taorian'izay, nangataka nandray fitenenana Andriamatoa REMI dit DJAO Jean ary nanamafy ny tokony hirosoana amin'ny fivoriana mikaton-trano araka ny voalazany teo aloha.

Naka ohatra tamin'ny zavatra nahazo ny Solombavambahoaka MOHAMAD Ahmad tany ivelany izy tamin'izany ka niangavy ny handaniana izany amin'ny alalan'ny tsangan-tànana raha azo atao.

Rehefa izay, nanambara Andriamatoa Filoha, fa tsy ampy ny fetr'isan'ny Solombavambahoaka ahafahana manapakevitra amin'ny fivoriana mikaton-trano tokony hatao ka aleo ahemotra amin'ny fotoana manaraka izany.

Taorian'izay, nambarany fa hiroso amin'ny famakiana ny tatitry ny «Commission d'Enquête Parlementaire sur les activités des opérateurs en Télécommunication» ny mpivory.

Andriamatoa ANDRIANAMBININA Djohary Lee no nomena fitenenana hanao izany, ka nambarany fa mbola tsy vita ny asa tokony hataon'ny Vaomiera ary mbola tsy tapitra ihany koa ny fe-potoana hanolorana izany eto amin'ny Solombavambahoaka raha ny voalazan'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirena no jerena, ka aleo andrasana fotoana hafa vao hatao ny tatitra momba ny asan'ny Vaomiera.

Rehefa izany, niangavian'Andriamatoa Filoha ny Mpampakatenin'ny «Commission d'Enquête Parlementaire sur le contrat de concession établi entre l'Etat Malagasy et la Société Ravinala Airports» hanao ny tatitry ny asa vitany.

Andriamatoa RATSIMBAZAFY Alain Jean, no nanatanteraka izany, ka toy izao no fivakiny.

Nivory nanomboka ny Alatsinainy faha-25 Janoary 2021 ny Vaomiera Mpanadihady mikasika ny fifanarahan'ny Fanjakana Malagasy sy ny orinasa «Ravinala AIRPORTS» nandinika ny fifanarahana nifanaovan'ny Fanjakana Malagasy sy ny orinasa «Ravinala AIRPORTS».

Ireto avy ireo mpikambana mandrafitra ny Vaomiera,
Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- RAJOELINA Andriami-Harimanana Seth, Filoha
- ANDRIAMIATRIKARIVO Tiana James Pierrot, Filoha Lefitra
- JOHASY RAHARISOA Eléonore, Filoha Lefitra
- RATSIMBAZAFY Alain Jean, Mpampakateny
- RAZAIHARIMALALA Fiainantsoa, Mpampakateny Lefitra
- MAMIHAJA Charlot, Mpitantsoratra
- ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa, Mpitantsoratra
- FIENENA Richard Désir, Mpikambana
- RAVONTY Tam Teon Luc Urbain, Mpikambana
- MOHAMAD Ahmad, Mpikambana, Mpikambana
- ANDRIANAMBININA Djohary Lee, Mpikambana
- ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy, Mpikambana
- RIVOTIANA Richard Jean Bosco, Mpikambana
- RAKOTOARISOA Nirina Fenohera Johnny, Mpikambana
- RANDRIANASOLO Jean Nicolas, Mpikambana
- RALAMBOZAFIMBOLOLONA RAZAFITSIMIALONA, Mpikambana

Nanolo-tànana ny Vaomiera ireto teknisiana avy amin'ny Minisiteran'ny Fitsarana manaraka ireto:

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- RAHARIMALALA Lydia Clémence
Présidente de chambre à la Cour des Comptes
- RANDRIANARISON Harifidy Hasina
Conseiller à la Cour des Comptes
- TIANJANAHARY Andriamalaza
Président du Tribunal Administratif Antananarivo
- TSELANY Deborah
Magistrat au Service de la législation-DERC MINJUS

1. NY ANTON'NY FANADIHADIANA

Izao asa fanadihadiana izao dia miorina amin'ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-003-2020/R tamin'ny faha-16 Desambra 2020 mikasika ny fifanarahan'ny Fanjakana Malagasy sy ny Orinasa «Ravinala AIRPORTS», ka natsangana ny Vaomiera Mpanadihady momba izany.

Niompana tamin'ny fandinihana ireto teboka manaraka ireto ny fanadihadiana:

- Ny tsy fahazoan'ny Fanjakana Malagasy tombony amin'ny fanomezana alalana ny “Ravinala AIRPORTS” hitrandraka ny seranam-piaramanidina Antananarivo Ivato sy ao Nosy-Be “Fascène”.
- Ny famonoan'ny “Ravinala AIRPORTS” ireo mpisehatra eo amin'ireo seranam-piaramanidina, toy ny ADEMA, ny AIRMAD ary ny SOFITRANS.

2. NY DINGANA NARAHINA

Nentina namaly ireo fanontaniana ireo dia nanatontosa hetsika roa ny Vaomiera Mpanadihady:

Ny fanangonana ny antontan-taratasy rehetra mifandraika amin'ny fanadihadiana;
Ny fihainoana ireo voakasiky ny fanadihadiana ka ireto avy izy ireo:
Ny Minisiteran'ny Fitaterana sy ny Fizahantany ary ny Famantarana ny Toetr'andro,
Ny Minisiteran'ny Fanajariana ny Tany sy ny Asa Vaventy,
Ny ADEMA,
Ny SOFITRANS,

3. NY TSAO-KEVITRA NIVOHITRA

Nodinihana nandritra izany asa izany ny mikasika ny antso tolo-bidy nahazoan'ny “Ravinala AIRPORTS” ireo seranam-piaramanidina ireo, ny mikasika ireo mpisehatra eo amin'ny seranam-piaramanidina sy ny tany nomena ny “Ravinala AIRPORTS” ho trandrahany.

3.1 Ny mikasika ny antso tolo-bidy

Ny dingana efa vita dia naneho fa mpisehatra telo no namaly ny antso tolo-bidy nataon'ny Fanjakana Malagasy mikasika ny fitrandrahana ny seranam-piaramanidina Ivato-“Aéroport” sy Nosy-Be “Fascène”: VINCI, ANHUI FOREIGN ECONOMIC CONSRUCTION ary ny RAVINALA AIRPORTS.

Ity farany no nahazo ny tolo-bidy ary nahazo fe-potoana hitrandrahana ireo fotodrafitrasa ireo izy mandritra ny 28 taona. Tsara fantarina ihany koa fa ny “Ravinala AIRPORTS” dia fitambarana orinasa miisa 3: MERIDIAM, ADP INTERNATIONAL, BOUYGUES BÂTIMENT INTERNATIONAL ET COLAS.

Nojeren’ny Vaomiera Mpanadihady araka izany ny taratasy rehetra mifandraika amin’ny antso tolo-bidy raha toa nisy teboka manome vahana manokana ny orinasa “Ravinala AIRPORTS” manoloana ireo mpifaninana aminy. Ny fanadihadiana izay vita hatreto aloha dia tsy afaka ilazana fa nisy io fanomezana vahana manokana io na tsia.

3.2 Ny momba ireo mpisehatra ao amin’ny seranam-piaramanidina

Ny fihaonana tamin’ny teknisiana avy amin’ny Minisiteran’ny Fitaterana sy ny Fizahantany ary ny Famantarana ny Toetr’andro dia naneho fa maro ireo fitarainana voaray mikasika io fitrandrahana io, ka isan’izany ny ADEMA izay tsy misitraka ny RDIA na ny “Redevance de Développement des Infrastructures Aéroportuaires” intsony. Ny RDIA dia vola aloan’ny AIRMAD tany amin’ny ADEMA teo aloha noho izy mitrandraka ny seranam-piaramanidina. “40 Euros” isaky ny mpandeha no sandan’ny RDIA raha sidina ivelan’i Madagasikara ary “20 Euros” kosa raha sidina anaty. Tsara marihana ihany anefa fa miovaova izy io. Fidiram-bolan’ny ADEMA io RDIA teo aloha, fa efa lasan’ny orinasa “Ravinala AIRPORTS” satria nisolo toerana ny ADEMA amin’ny fitrandrahana ny seranam-piaramanidina izy.

Ao ihany koa ny fitarainan’ny orinasa AIRMAD izay nanjary tsy nanana “salon VIP” intsony sy ny orinasa SOFITRANS izay tsy afaka nitrandraka ny “duty free shop” izay efa fivelomany hatrizay.

3.3 Ny momba ny tany trandrahan’ny orinasa «Ravinala AIRPORTS» na ny «périmètre de concession»

Ny «périmètre de concession» dia velaran-tany izay nomena ny “Ravinala AIRPORTS” ahafahany miasa. Tafiditra amin’io sokajy io ihany koa ny tsy fahazoan’ny Fanjakana Malagasy manorina seranam-piaramanidina hafa ao anatin’ny faritra latsaky ny 200 kilometatra manodidina an’lvato sy Nosy-Be “Fascène”. Ny fanadihadiana dia naneho ihany koa fa efa nanome vola an’ireo izay nesorina tamin’ny taniny ny “Ravinala AIRPORTS” noho ny fanomezana azy ny “périmètre de concession” toy ny 1^{er} RFI-lvato ohatra izay voatery nikisaka. Io tsy fahafahana manorina seranam-piaramanidina ao anatin’ny faritra latsaky ny 200 kilometatra io anefa no isan’ny anton’ny fifanolanana tamin’ny “Ravinala AIRPORTS”.

3.4 Ny fepetra noraisin’ny orinasa “Ravinala AIRPORTS”

Ny antontan-taratasy eo am-pelan-tànan’ny Vaomiera Mpanadihady dia nahitana fa vonona ny hanampy ireo orinasa voakasiky ny fitrandrahana ny orinasa “Ravinala AIRPORTS”. Tamin’izany no nanapahany hevitra fa vonona ny hanome “salon” izay mirefy 60m² ho an’i AIRMAD izy. Vonona hatrany ihany koa izy ireo hifampiresaka amin’ny orinasa SOFITRANS.

Tsy nety nilefitra anefa izy manoloana ny refy tsy ahafahana manangana seranam-piaramanidina hafa ao anatin’ny 200 kilometatra manodidina ireo seranam-piaramanidina ireo.

4. FANAMARIHANA AVY AMIN’NY VAOMIERA

Noho ny fisian’ny hamehana ara-pahasalamana izay tsy nahafahana nanatontosa ny fanadihadiana amin’ny tokony ho izy dia mbola mila fotoana ny Vaomiera entina manohy ny asany.

Rehefa izay, ny «Commission d'Enquête Parlementaire sur les problèmes fonciers récurrents à Madagascar» no nanatanteraka ny anjarany, Andriamatoa RAKOTOARIMANANA Tiana Maxime, Mpampakateny Lefitry ny Vaomiera no nanatanteraka izany.

Toy izao no fivakin'izany.

Nivory ny Alarobia faha-26 oktobra 2021 tamin'ny 11 ora, atoandro, ny Vaomiera mpanao Famotorana mikasika ny olan'ny fananan-tany miverimberina eto Madagasikara.

Fananganana ny biraon'ny Vaomiera no lahadinika tamin'izany.

Andriamatoa RAHOLDINA Naivo Herinantsoina, Solombavambahoaka lany tao Antananarivo faha-V sady Filohan'ny Vaomieran'ny Fanajariana ny Tany sy ny Fitantanana ny Fananan-tany no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomiera nanatrika ny fivoriana,

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- 1 RAHOLDINA NAIVO Herinantsoina
- 2 ANDRIAMAMPANDRY Todisoa Manampy
- 3 ANDRIAMANALINARIVO Raymond Michel Jocelyn
- 4 RAJAABELINA Lova Herizo
- 5 RAKOTOMALALA Miarintsoa
- 6 RAKOTOARIMANANA Tiana Maxime
- 7 JOHASY RAHARISOA Eléonore
- 8 RANDRIAMBOLAINA Gerry
- 9 RAKOTONDRAVOAVY Andrianiaina
- 10 DONOVAN Sidonie Jimmy
- 11 RAHOLIJAONA Harson
- 12 VELONTSARA Paul Bert
- 13 RAHERIARIJAONA Regina Clarisse

Ireto avy ireo mpikambana voafidy handrafitra ny biraon'ny Vaomiera Mpanadihady

<u>Filoha</u>	:RAHOLDINA Naivo Herinantsoina
<u>Filoha Lefitra Voalohany</u>	:ANDRIAMAMPANDRY Todisoa Manampy
<u>Filoha Lefitra Faharoa</u>	:ANDRIAMANALINARIVO Raymond Michel Jocelyn
<u>Mpampakateny</u>	:JOHASY RAHARISOA Eléonore
<u>Mpampakateny Lefitra</u>	:RAKOTOARIMANANA Tiana Maxime
<u>Mpitantsoratra</u>	:RAKOTOMALALA Miarintsoa
<u>Mpitantsoratra Lefitra</u>	:RANDRIAMBOLAINA Gerry

Rehefa izany dia ireto avy ny fanamarihana napetraky ny mpikambana:

- Tsy maintsy iarahan'ny mpikambana ao amin'ny Vaomiera mpanao famotorana ny mandinika sy ny manapakevitra mikasika ny antontan-taratasy fitarainana voaray ao aminy;
- Mba tsy hihainoana feon-dakolosy tokana dia tokony hampanantsoina hohenoana ny tomponandraikitra voakasiky ny raharaha atao famotorana (ohatra: Tale Jeneralin'ny Fananan-tany, ny Tale Jeneralin'ny Telma...),
- Apetraka ny Fitsipika Anaty mifehy ny mpikambana ao amin'ny Vaomiera mpanao famotorana;

- Tapahan'ny Vaomiera ny isan'ny mpikambana handeha hidina eny an-kianja hanao famotorana.

Nanamarika ny mpikambana fa araka ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena dia tokony hiasa mandritra ny enim-bolana aorian'ny nandanian'ny fivoriambe ny Tolo-pehin-kevitra nanangana ny Vaomiera ireo mpikambana ao aminy. Nilaza anefa izy ireo fa tamin'ny voalohan'ny volana Jolay no efa tokony hiasa ny Vaomiera fa noho ny hamehana ara-pahasalamana nateraky ny valan'aretina COVID-19 dia tsy afaka nanatontosa izany andraikiny izany ny mpikambana. Araka izany, nandroso sosokevitra izy ireo mba hanitarana ny fe-potoam-piasan'ny Vaomiera ka hoentina eo anivon'ny fivoriambe izany sosokevitra izany mba handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 12 ora sy 30 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

Rehefa izany, tatitra momba ny «Etat des travaux de la Commission Spéciale de mise en accusation devant la Haute Cour de Justice (HCJ)» no nanao ny tatitra manaraka.

Andriamatoa ANDRIANAMBININA Djohary Lee, Mpampakatenin'ny Vaomiera no nanatanteraka izany.

Toy izao no fivakin'ny tatitra.

Araka ny voafaritry ny andininy faha-37 sy faha-38 ao amin'ny Lalàna Fehizoro laharana faha-2014-043 mikasika ny Fitsarana Avo sy ny andininy faha-202 sy faha-203 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena dia nivory ny Vaomiera manokana misahana ny Fiangangana manoloana ny Fitsarana Avo nandinika ireo antontan-taratasy mikasika ireo olona voarohirohy izay voafaritry ny andininy faha-133 ao amin'ny Lalàmpanorenana azy.

Marihana fa ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana mandrafitra ny Vaomiera.

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- 1 TSABOTOKAY Honoré
- 2 ANDRIAMIATRIKARIVO Pierrot
- 3 FERNAND Jeannot
- 4 RASOLOMANANA Beby Olivier
- 5 RAVONTY Tam Teon Luc Urbain
- 6 ANDRIANAMBININA Djohary Lee
- 7 TSARADIA Marco
- 8 RAMENASON Rio Merci
- 9 NASIRA Julien
- 10 RAKOTOARIMANANA Tiana Maxime
- 11 RALALASON Dera
- 12 RICHARD Tsimahalefy Alexandrine
- 13 MAMANGY Norbert
- 14 SATRA Augustin
- 15 RAKOTONIRINA Jimmy Joé
- 16 RATSIMBAZAFY Alain
- 17 RALAMBOZAFIMBOLOLONA Razafitsimalona Fetra

1.NY VOTOANTIN-DRAHARAHAN

Tsara marihana fa ny Vaomiera manokana misahana ny Fiangangana manoloana ny Fitsarana Avo dia natao handinika ny antontan-taratasy izay omen'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenana azy araka ny voalazan'ny andininy faha-37 ao amin'ny Lalàna Fehizoro laharana faha-2014-043 mikasika ny Fitsarana Avo. Izany antontan-taratasy izany koa dia miainga avy amin'ny Mpampanoa Lalàna Ambony rehefa avy nandinika ny fitoriana tonga teny am-pelan-tànany izy.

Araka izany dia raharaha miisa 10 no natolotra ny Vaomiera Manokana, izay mahavoakasika ireo sokajin'olona voalaza ao amin'ny andininy faha-133 ao amin'ny Lalàmpanorenana .

Tsara marihana ihany koa fa raharaha mikasika fanodikodinam-bolam-panjakana avokoa no voaresaka amin'izy ireo.

2.NY DINGANA NARAHINA

Nandinika sy namakafaka ny antontan-taratasy rehetra izay natolotra azy ny Vaomiera Manokana. Marihana fa ireo antontan-taratasy ireo dia vokatry ny fanadihadiana izay nataon'ny Birao Mahaleotena Miady amin'ny Kolikoly na ny BIANCO.

Rehefa vita izany famakafakana antontan-taratasy izany dia niroso tamin'ny fakana ambavany ireo olona voarohirohy ny Vaomiera. Nisy tamin'izy ireo no tonga mivantana ary nisy kosa nandefa mpisolovava noho ny antony maro samihafa.

3.NY ASAN'NY VAOMIERA

Taorian'izay dia efa nandritra Tolo-pehin-kevitra fiangangana ny Vaomiera Manokana ka hatolotra eo anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany amin'ny lahadinika izay hotapahin'ny Antenimierampirenana.

Rehefa izany, nanatanteraka ny anjara tatitra ho azy koa ny Vaomiera miandraikitra ny «Mission d'Information commune visant la Société SIRAMA» ka Andriamatoa SATRA Augustin, Mpampakatenin'ny Vaomiera no namaky izany ary toy izao izany:

IRAKA FAMPahalalam-BAOVAO MIKASIKA NY ORINASA SIRAMA

Araka ny voafaritry ny andininy faha-182 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenana dia nanatanteraka Iraka Fampahalalam-baovao mikasika ny orinasa SIRAMAMY MALAGASY (SIRAMA) ny faha-21, ny faha-22 ary ny faha-23 Oktobra 2021 tany Maromamy-Brickaville ny Vaomieran'ny Indostria sy ny Fampandrosoana ny Sehatr'asa tsy miankina amin'ny Fanjakana ary ny Orinasa madinika sy salantsalany; ny Vaomieran'ny Tonolo Iainana, ny Haivoahary ary ny Ala; ny Vaomieran'ny Asam-panjakana sy ny Asa ary ny Lalàna Sosialy.

Tsara marihana fa izao iraka Fampahalalam-baovao izao dia mbola ho tohizana amin'ireo toerana rehetra misy ny orinasa SIRAMA, toy ny any Ambilobe, Namakia, ary Nosy-Be sy ny orinasa Siramamin'Analaiava (SIRANALA) ao Morondava.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka nanatontosa ny iraka Fampahalalam-baovao.

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- ANDRIAMBELOSOA Heriniaina
- RANDRIAMISAINA NAINA Marie Nicolas David
- FIAROVANA Lovanirina Célestin
- RAZAFIMANANTSOA Lobo Hanitriniaina
- ANDRIAMANALINARIVO Raymond Michel Jocelin
- FIENENA Richard Désiré
- RALAMBOZAFIMBOLOLONA Razafitsimialona
- RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle
- RAKOTOARIMANANA Tiana Maxime
- RAKOTONDRAZAFY José Alain
- ASSIMO Bruno
- RAKOTOARISOA Nirina Fenohery Johnny

1. NY DINGANA NARAHINA

Nandritran'izany iraka Fampahalalam-baovao izany dia nitsidika ny orinasa SOCIETE AGRICOLE SUCRIERE MALAGASY (SASM) sy ny SIRAMA ny mpikambana tao amin'ireo Vaomiera mandrafitra azy. Nihaona tamin'ny tomponandraikitr'ireo orinasa izy ireo sy tamin'ny mpiasa ao aminy koa.

Tafiditra tamin'izany ihany koa ny fihaonana tamin'ireo solotena avy amin'ny fikambanan'ny tantsaha mpamboly fary. Nitsidika ny ozinina nijery ny endrik'ireo milina sy ny fitaovana nampiasaina koa ny Solombavambahoaka.

Tsara fantarina fa ny SASM dia orinasa nateraky ny fifanaraham-piaraha-miasa teo amin'ny orinasa SIRAMA sy ny vondron'orinasa VIDJAR araky ny antso tolo-bidy natao ny taona 2011. Arak'izany dia ny SASM izay ivondronan'ny VIDJAR sy ny SIRAMA no manao ny asa fitantanana sy ny famokarana eto amin'ny SIRAMA Brickaville sy Nosy-Be. Anjaran'ny SASM no manao ny fanarenana sy ny fampandehanana ny ozinina miaraka amin'ireo mpiasan'ny SIRAMA izay nalaina hanome tana amin'izany asa izany. Tokony hisy vola avy amin'ny fanjakana foibe entina manampy ny SASM kanefa hatramin'izao mbola tsy nahazoam-baliny izany. Arak'izany, volan'ny SASM madiodio no entiny miasa.

Miisa 150 ny mpiasa miasa ao amin'ny SASM ankehitriny ary misy mpamboly fary miisa 800 sy fikambanan'ny mpamboly fary 37 miara-miasa aminy. Nolazain'ny tomponandraikitra, fa anisan'ny olana iainan'ny orinasa ny tsy fahavitan'izy ireo ny karaman'ny mpiasa. Ankotra ny karaman'ny mpiasa dia tsy mbola voaloan'izy ireo ihany koa ny volan'ny «fournisseurs» sy ny «petits planteurs».

Taorian'izay dia nitsidika ny birao fiasan'ny SIRAMA ao Brickaville ny mpikambana, ka nihaona tamin'ireo tomponandraikitr'ny orinasa.

2. NY TOE-JAVATRA HITA

Maro ny zavatra tsikaritra manoloana ny fitsidihana ny orinasa SASM sy SIRAMA, toy ny fahitana fa misy ireo ampahan-tany tsy voavoly ary tsy voatrandraka. Tsy nahazo fanampim-panazavana mikasika izany ireo iraka ireo satria tsy nomen'ny tomponandraikitra azy ireo ny antontan-taratasy toy ny «business plan» ohatra mifandraika amin'izany. Nandritra izany koa no nahalalana, fa ny orinasa SASM dia vatsiana fikambanana tantsaha fary izay entiny mamokatra siramamy. Tsy voaloan'ny orinasa SASM anefa izany vidin'ny fary izany, ka zary lasa trapahoriana ny tantsaha satria maro amin'izy ireo no miditra trosa manoloana izany.

Raha ny momba ny orinasa SIRAMA indray no jerena dia nahita fiaraha-miasa miaraka amin'ny orinasa VIDJAR, ka antotan-taratasy efatra no mamaritra izany fiaraha-miasa izany.

- Ny «Protocole d'accord»
- Ny «Contrat de partenariat»
- Ny «Convention de mise à disposition»
- Ny «Bail emphytéotique» ny tanin'ny SIRAMA

Ny fandinihana ireo toe-javatra rehetra ireo dia nahita fa betsaka ny teboka ilàna fanazavana toy ny momba ny petra-bolan'ny SIRAMA sy ny fitantanana ny asa ao amin'ny SASM sy SIRAMA. Hita tamin'izany koa, fa mbola betsaka ny fanazavana momba ny fifanarahan'ny orinasa SIRAMA sy COPLAN, ka ny fitohizan'izao iraka Fampahalalam-baobao izao no ahafahana mahafantatra ny marina rehetra. Marihana fa ny COPLAN dia vondron'orinasa Sinoa manampy amin'ny fampitaovana ny orinasa SIRAMA.

3. NY FIZOTRAN'NY ASAN'NY IRAKA FAMPAHALALAM-BAOVAO

Izay asan'ny iraka Fampahalalam-baovao izay dia hotohizana any amin'ireo toerana voafaritra teny ampiandohana, ka atolotra ny fivoriambe ny tatitra feno mikasika izany rehefa vita ny asa.

Marihana fa tsy nisy Solombavambahoaka nandray fitenenana teny anelanelan'ny famakiana ny tatitra.

Rehefa izany, niditra tamin'ny fanomezam-pitenenana ho an'ny Solombavambahoaka, Andriamatoa Filoha.

Raha nomena fitenenana, Andriamatoa RAHOLDINA Naivo Herinantsoina, nambarany ny fisian'ny fitarainana maro mikasika ny olana momba ny fananan-tany eto Madagasikara. Nohamafisiny ny tokony hanitarana ny fotoam-piasan'ny Vaomiera vao natsangana noho ny tsy fahampian'ny fotoana niasana satria tao anaty hamehana ara-pahasalamana no nanaovana ny asa.

Nomena fitenenana, Andriamatoa RAJOELINA Andriami-harimanana Seth, Filohan'ny «Commission d'Enquête Parlementaire sur le contrat de concession établi entre l'Etat Malagasy et la Société Ravinala Airports», taorian'izay, nambarany fa tao anatin'ny fotoana tena nampikatso ny lalana noho ny hamehana ara-pahasalamana no tokony ho nanaovana fanadihadiana. Tsy vita anefa ny asa ka mangataka ny hanohizana ny fotoam-piasan'ny Vaomiera ihany koa ny tenany. Izany hoe miombonan-kevitra amin'ny voalazan'ny namany teo aloha izy.

Tahaka izay koa no nambaran'Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle raha nandray fitenenana ny tenany. Nambarany fa aleo omena «mandat» vaovao mihitsy ny Vaomiera mpanao fanadihadiana mba hahalavorary ny asany sao tsy vita ao anaty fepotoana tokony hanaovany izany izy ireo.

Nametrahany fanontaniana koa ny mikasika ny SIRAMA hoe: ahoana ny momba tany izay tsy mbola nambolena fary akory kanefa lazaina fa misy fambolena atao eo aminy. Inona no antony tsy nitrandrahana ny tany hatramin'izay.

Notoheriny koa ny fakan'ny "Ravinala Airports" vola eny amin'ny seranam-piaramanidina sy ny fivarotana ny seranam-piaramanidina Malagasy. Nambarany fa efa nitondrany fanazavana izany fanoherany izany tamin'ny tolon'ny fanovana nataon'ny Solombavambahoaka 73 teny amin'ny "13 Mai". Sarotra ny mieritreritra hoe tsy manana "salon" eny amin'ny seranam-piaramanidin'lvato ny fitondrana Malagasy. Tanin'ny Malagasy io ka tsy azo ekena izany ary tokony hanao tatitra amintsika ny olona nanao sonia an'io fifanarahana io mba hahalalana ny marina. Ahoana no ieritreretana hoe ny mpandeha iray avy any ivelany dia tsy maintsy mandoa "40 Euros" ho an'ny orinasa "Ravinala Airports". Amin'izay koa, 28 taona be izao no fifanarahana nataon'ny tomponandraikitra taloha taminy eny amin'ny seranam-piaramanidin'lvato. Tsy tokony hamidy ny firenena; iza no mahazo tombotsoa amin'ny fanaovana zavatra tahaka izany. Olom-boafidy isika ka tokony ho afaka maneho hevitra mikasika ny asantsika. Miandry antsika ny vahoaka Malagasy ka aleo haseho ny tena mahaolom-boafidy antsika. Izany toe-javatra rehetra izany no ilàna tatitra mafonja sy mazava tokony hataontsika ary hatolotra ny fahefana Mpanatanteraka koa izany mba handraisany fanapahan-kevitra hentitra ho tombotsoan'ny firenena sy ny tanindrazantsika.

Rehefa izany, niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra amin'ny tokony hanalavana ny fotoam-piasan'ny Vaomiera mpanao fanadihadiana ny mpivory.

Ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no hampiharina amin'izany, hoy Andriamatoa Filoha.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 24 no nanaiky; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Taorian'izany, nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny hanalavana ny fotoam-piasan'ny Vaomiera mpanao fanadihadiana tsirairay avy.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Andriamatoa Filoha, ka anio tolak'andro, amin'ny 3 ora, hisy ny fihaonana amin'ny SAMIFIN eto amin'ny Lapan'ny Antenimierampirenena.

Niato tamin'ny 12 ora sy 10 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

NY FILOHA



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona